



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana

REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-286EX

**LANONAM-PANOKAFANA NY FIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024**

Fivoriana voalohany  
Natao ny  
Alatsinainy 29 janoary 2024  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

**MPITANTSORATRA:-** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle  
- Ramatoa ANGELE Solange

**FOTOANA:** Alatsinainy 29 Janoary 2024, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana ny fivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny tonga tsy miarahaba, hono, naman'ny tezitra, lasa tsy manao veloma naman'ny sosotra; arabaina tsy mamaly naman'ny vinitra.

Koa am-pifaliana lalandava no iarahabako antsika rehetra izay tonga manatrika etoana.

Izao dia iangaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-071 tamin'ny 25 Janoary 2024 izay miantso izao fivoriana tsy ara-potoana izao.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Mpitantsoratra.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-071 -

**Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra na noho ny fangatahan'ny antsasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2024-071:

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**  
**DECRET N°2024-071**  
**portant convocation du Parlement en session extraordinaire**

**LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu et la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;

Vu le décret n°2024-007 du 04 janvier 2024 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2024-020 du 14 janvier 2024 portant nomination des membres du Gouvernement;

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,  
En Conseil des Ministre,

DECRETE:

**Article premier:** - En application des dispositions des articles 76 et 85 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire à partir du Lundi 29 Janvier 2024.

**Article 2:** - La durée de la session extraordinaire ne peut excéder douze (12) jours.

**Article 3:** - L'ordre du jour de la session extraordinaire comprend:

- 1- la présentation par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement, de son programme de mise en œuvre de la Politique Générale de l'Etat, conformément à l'article 99 de la Constitution;
- 2- l'examen et l'adoption des projets de loi suivants:
  - Projet de loi modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal malagasy;
  - Projet de loi modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27septembre 2014 relative aux ressources des Collectivité Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 aout 2021-010 du 05 août 2021.

**Article 4:** - En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

**Article 5:** - Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, le Ministre de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire, le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République

Fait à Antananarivo, le 24 janvier 2024

Par le Président de la République, **Andry RAJOELINA**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement, **NTSAY Chritian**

Izay no fivakin'ny andinin'dalàna sy ny Didim-panjakana teo, Andriamatoa Filoha.

- 3 -

**- Fampahafantarana ny fiverenan'ireo Solombavambahoaka roa  
lasa Minisitra teo aloha -**

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, izay miandraikitra ny fitanana an-tsoatra.

Milohan'ny hidirantsika amin'ny kabary fanokafana, tiako ny manambara aminareo fa araka ny "arrêt n°01-HCC/AR" sy ny "arrêt n°02-HCC/AR" tamin'ny 25 Janoary 2024 "concernant une demande de réintégration au sein de l'Assemblée Nationale", navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia mandray ny toerany amin'ny maha Solombavambahoaka azy indray Andriamatoa isany:

- RAYMOND izay voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsiranana II,
- RIVOTIANA Richard Jean Bosco, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Lalangina.

Miangavy anareo mirahalaha raha ao mba hitsangana ho harahabaina.

Tsy eo izy ireo kanefa, arahabaina ihany na tsy eto an-toerana aza satria nahavita ny addiny tany amin'ny Governemanta ary na mamy aza hono ny siramamy hafa ihany ny tantely. Matoky izahay fa tsy hiverina any intsony izy ireo fa hanampy antsika eto amin'ny Antenimierampirenena.



**- Kabary nataon'Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena****Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Sambatra raha samy vohitra hono ny eny Ambohimanga, fa manana an'i Fidasiana sy Ambatomiarendro. Kianja malalaka Fidasiana eo ihany, fa Ambatomiarendro ahatazanana an'Imerina enin-toko manginy fotsiny.

Hoy kosa aho amintsika hoe: sambatra raha samy Andrimpanjakana ity Antenimierampirenena ity, fa amin'ny maha Antenimierampirenena, misy an'ireto Solombavambahoaka izay nofidian'ny vahoaka mivantana eo ihany, fa ny fahitana anareo tomponandraikitra ambony manan-kaja manatrika etoana manginy fotsiny.

Satria eto ianao Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona sy ianareo Loholon'i Madagasikara manatrika etoana;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoaka namana hajaina;

Ianareo Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta manatrika etoana;

Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Zon'olombelona;

Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo aniyon'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;

Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena, izay tarihin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly Mpisolo toerana;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivilly sy Miaramila izay manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy,

Tompokolahy sy Tompokovavy izay tonga manatrika sy mihaino ahy.

Ny bisikileta hono tonga malady fa izaho kosa manao azafady. Manao azafady ny tenako handray fitenenana manoloana anareo, fa tsy mibodo-toerana tsy fidiny toa horonan-tsihy aho na tonga mitsangatsangana fotsiny ohatran'ny Diakona jejo, na mandray tsy raisina ohatran'ny tsipolitra antitra, na sanatria dedadedaka hoe vao iray volana no lany Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena dia ho avy ety amin'ny «perchoir». Koa ialako tsiny, ialako fondro, ialako salohy fito, fa noho ny tsy maha eto an-toerana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena izay namita iraka any ivelany, ka tsy azony ialany mihitsy dia nomeny ahy ny fitarihana ity fivoriana ity.

Koa teny nomena, hono, ka mahasolanga, fa raha tsy nomena tsy maha te-hitranga. Teny nomena ka mampijoro, fa raha tsy nomena dia mampihorohoro. Teny nomena dia mampijaridina, fa raha tsy nomena dia mampitsingidina ary teny nomena ka mba naha-bogosity, fa raha tsy nomena dia mampiklosy.

Koa matoa tsy nisy niklosy ny zavatra izay noteneniko teo aloha dia mino aho fa handeha antsakany sy an-davany mandritra ny tsy maha eto an-toerana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena ny fivoriana tsy ara-potoana izay hataontsika mandritry ny 12 andro izay hotanterahina eto.

Tsy ho be sasiny toy ny angorodao rovitra aho na hiolakolana tahaka ny tsinain'ondry na hivadibadika ohatran'ny lelamay, kanefa na izany na tsy izany, milamina sady misesy hoy rafotsibe namonjy kerimesy.

Izao isika vao nifankahita amin'izao taom-baovao izao, ka rariny sy hitsiny raha mamerina indroa manana ny antitra dia antitranterina ny fiarahabana antsika rehetra nahatratra ity taom-baovao 2024 ity.

koa mariky ny fifandraisan-tsika tanana, dia hiaraka hitehaka isika.

- Tehaka -

Nisy ny vovonana iadian'ny lohany, varivariny iandrian'ny tafony, felan-tànana mangaika ny rantsana dia ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA. Arahabainay manokana ihany koa ianao, Andriamatoa Filoha, lany soa aman-tsara hitantana ity Firenena ity. Koa ho mariky ny fiarahabanay anao dia hitehaka isika Solombavambahoaka rehetra eto. Eo ihany koa ianao, Andriamatoa Praiminisitra, tsy ataonay ambany maso tsy hita toa vatan'orona na akaiky iodinana tahaka ny sofina, fa mbola arahabaina ihany koa ianao lany Praiminisitra, voatendry indray hitantana ity Governemanta izay tarininao ity.

- Tehaka -

Arahabainay manokana ianao satria nandalo sedra mafy ary tsy mora ny lalana ary dia intelo izao ianao no voatendry, ka tsaroanay ny kilalao tamin'ny mbola kely hoe: iray maka bahana, roa fiomanana, telo dia lasa. Ho lasa any amin'ny fampandrosoana anie i Madagasikara, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ankoatran'izay, tsy te-hiditra amin'ny raharaham-pirenena ny tenako satria tsy tompony aho fa mpindrana, fa na izany aza Andriamatoa Praiminisitra dia arahabaina ihany koa ireto Minisitra vaovao izay mpiara-dia aminao ireto.

Omenay tehaka izy ireo satria mamy hono ny fary ary maro ny valala, fa ny ambolo no tsara soratra ary maro ny olona naniry ho Minisitra fa ianareo no tsara vintana na dia misy mahay tahaka anareo aza ato amin'ny Antenimierampirenena.

- Tehaka -

Izay indrindra no isarihako ny saintsika hoe: ny mpifakantia tsy mifamarafara, hono, ady no hiafarany. Ny Solombavambahoaka dia tsy mpanao Lalàna fotsiny, fa mpitondra tenin'ny vahoaka ary araka ny Lalàmpanorenana, ny Solombavambahoaka no manara-maso ny asan'ny Mpanatanteraka; koa aza gaga ianareo indraindray raha mba misy alahelon'ny Solombavambahoaka ampitanay aminareo. Koa izay no tsy mampisy kibo ahy ary amin'ny maha Naivo kely mpanao "kung fu" ahy dia tsy mba mitelin-kafatra aho.

Ny hafatry ny Solombavambahoaka dia ataoko roa ihany amin'ny maha Filoha Lefitra ahy.

Voalohany, miangavy Andriamatoa Praiminisitra, rehefa mba miantso ny Solombavambahoaka, mba raiso Tompoko ny antso ataony ary rehefa mba midina ifotony any amin'ny Distrika nahalany an'ireto Solombavambahoaka ireto ianareo dia aleo mba antsoina ihany izy ireo hiaraka aminareo.

Ny zavatra mampalahelo mantsy araka ny nambaran'izy ireo ary nanafintohana sy iadiako amin'ny Minisitra matetika; atao ahoana fa ifandimbasana ny toerana, izay lasa lasa, ny

tonga tonga, veloma lava ry tiana fa hanambady i Selesy, elabe vao miverina. Indraindray ny tena rehefa mba miantso Minisitra, misy Minisitra tsy mandray antso. Isaorana izay Minisitra mandray fa tsy dokafana, efa mba nisy Minisitra nodokafako hoe mandray finday kanefa tsy noraisiny intsony aho tamin'ny manaraka.

Ankoatra izay, rehefa mba mandeha any aminareo ny Solombavambahoaka, aoka mba tsy hiandry tapak'andro na adiny telo na adiny efatra. Ireo Solombavambahoaka ireo dia manetry tena, miaraka manao asa sosialy eny amin'ny mpitsindroka fako, eny amin'ny fiarahamoniana rehetra eny. Indraindray aza, eritreretin'ny Minisitra sasantsasany fa ambany izy ireo kanefa amin'ny "ordre protocolaire", izy no ambony. Manetry tena izy, fa na mandany adiny iray miresaka eo aza tsy maninona, fa mba fintimpintinina ihany toy ny itarihako ity fivoriana ity.

Izay no ela Tompokolahy sy Tompokovavy, ela tsy azo lalovam-potsiny, fa sava lalana sy voha vavahady ihany, fa ny antom-pivoriantika dia tsy inona fa fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2024 ity.

Koa amin'ity fivoriana tsy ara-potoana ity no itondran'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana hitondrana ny firenena araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ary manana adidy lehibe isika, satria tamin'ny fampielezan-kevitra sy ny Vina nataon'ny Filohampirenena no hotanterahana eto araka ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia afaka mitondra sosokevitra isika raha misy fanatsarana azo atao.

Eo ny Volavolan-dalàna miisa roa, ny iray momba ireo olona mpanolana, mino aho Ramatoa Minisitry ny Fitsarana sy Andriamatoa Praiminisitra fa handany azy 100% satria ny Solombavambahoaka hatreto dia mbola tsy nisy heno mihitsy hoe mpanolana na mpankatoa ity resaka fanolanana ity.

Zavatra mampalahelo tokoa mantsy io zavatra io, satria raha namangy teny amin'ny "Centre Fonja" teny amin'ny HJRA ny Solombavambahoaka sy ny fikambanana teto amin'ny Antenimierampirenena dia misy ankizy enim-bolana monja dia efa misy manolana, misy maty mihitsy aza.

Iadiako manokana amin'ny Minisitry ny Fahasalamana mba hojerena manokana io "centre" io satria tsy andaniam-bola betsaka akory kanefa dia azo hatsaraina soa aman-tsara.

Eo ihany koa volavolan-dalàna manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2014 mikasika ny fandaminana ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana. Ireo telo ireo izany no mitoetra raha ny Baiboly no resahana, fa ireo telo ireo kosa no hodinihantsika amin'izao fivoriana tsy ara-potoana izao.

Koa tsy ho lava tarihy intsony aho, fa ny teny, hono, tahaka ny rambon'omby ka raha lava loatra mipelipelika, raha fohy loatra mirediredy. Ataoko angamba fa amin'ny antonony izay. Koa ny resaka maraina mahakely asa, resaka atoandro maika hisakafo, resaka hariva maika hody, ny resaky ny mpifankatia maika hifanoroka, ny resakareo mbola tsy fantatro, fa ny resaka ampitaiko.

Ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taom-piasana 2024 ity.

- 5 -

**- Fiatoan'ny fivoriana -**

Manantena antsika Solombavambahoaka mba ho avy mavitrika hanatrika izany fivoriana izany, satria raha ny sioson-dresaka henoko dia any amin'ny volana Septambra any isika, Septambra hoy izay namana iray izay no hiatrika indray ny fivoriana isika ary any amin'ny faramparan'ny volana Mey raha tsy diso ny tenako no hiatrika ny fifidianana Solombavambahoaka indray isika.

Enga anie mba ho hitan'ny vahoaka Malagasy isika mba ho fenofeno ohatran'izao ny seza rehetra rehetra mba havitrika tsara isika hamita ny lalàna izay ho tanterahina ity.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro ny fivoriana.

  
NY FILOHA  
RAHOLIANA NAIVO Herimantsoina